



ANTENIMIERAMPIRENENA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA**  
**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**  
**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**  
**TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-111

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika:

- ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2020/PR Misahana ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo, arahana fanambarana ataon'ny Antenimierampirenena. (Proposition de Résolution n°006-2020/PR sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice suivie de la délibération de l'Assemblée Nationale)
- ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Développement de la zone de transformation agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition BAD/FAT»

Fivoriana faha-25  
Natao ny  
Alakamisy 17 Desambra 2020  
- Tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa ANGELE Solange  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alakamisy 17 Desambra 2020, tamin'ny 1 ora sy 10 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika:  
- ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2020/PR Misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo, arahana fanambarana ataon'ny Antenimierampirenena. (Proposition de Résolution n°006-2020/PR sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice suivie de la délibération de l'Assemblée Nationale)

- ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Développement de la zone de transformation agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition BAD/FAT».

Nitohy ny Alakamisy 17 Desambra 2020 tamin'ny 1 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Nitarika ny fivoriana, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka tonga nivory sy ireo mpikambana ao amin'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneraly.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa misy Volavolan-dalàna vaovao tonga avy tamin'ny Governemanta, mitondra ny laharana faha-018/2020 tamin'ny 18 Novambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Développement de la zone de Transformation Agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition BAD/FAT», izay tokony hodinihana maika.

Nanolotra sosokevitra Ramatoa Filoha taorian'izay, mba handiniana io Volavolan-dalàna vao tonga io any amin'ny Asam-baomiera aorian'izao fivoriambe izao. Raha mety, hotontosaina amin'ny 6 ora, hariva, ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika azy.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny hankatoavana izay sosokevitra izay ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoana vaovao.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2020/PR momba ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo (HCJ), niampangana an'Andriamatoa REBOZA Razafindrevalo Mahavonjy Julien, amin'ny raharaha "Villa Elisabeth" ny mpivory.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, taorian'izay fa efa vita tamin'ny Alatsinainy 14 Desambra 2020, teto amin'ny Antenimierampirenena ny adihevitra mikasika ity Tolo-pehin-kevitra ity, fa noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa dia tsy afaka nandray fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nambarany koa, fa ilaina ny fanamarinana ny isan'ny Solombavambahoaka tonga mivory mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra rehetra nanatontosan'ny Vaomiera Manokana fanadihadiana.

Rehefa natao ny fanamarinana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka dia 44 no isan'ny tonga nanatrika fivoriana.

Nanambara, Ramatoa Filoha, fa mbola tsy feno ny isan'ny Solombavambahoaka tokony nandray fanapahan-kevitra momba ity Tolo-pehin-kevitra ity satria tsy maintsy manaja ny Lalàna mikasika ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo ny Antenimierampirenena.

Noho izany, ahemotra amin'ny fivoriana ara-potoana manaraka ity raharaha iray ity.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Nanambara Andriamatoa MAMANGY Norbert raha nandray fitenenana, fa araka ny fahitany azy, tokony haroso ny fifidianana ka hajanona hatreo ity raharaha ity, fa tsy tokony hahemotra amin'ny fivoriana manaraka intsony.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tsy misy lalàna milaza hoe rehefa tsy feno ny fetr'isa dia ajanona ny raharaha. Noho izany, amin'ny volana Mey 2021 amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany no handiniana azy.

Andriamatoa TSARADIA Marco kosa nilaza fa maninona raha atao “commission plénière” ity Volavolan-dalàna vaovao laharana faha-018/2020 ity satria “Ratification”; aorian’izay, avadika “séance plénière”, avy eo miroso amin’ny fandaniana azy amin’izay malaky vita.

Taorian’izay sosokevitra izay, nanambara Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny fanovàna ny lahadinika.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 41 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny fandaharam-potoana vaovao ary nanainga ny Filohan’ny Vaomieran’ny Vola sy ny Tetibola ny tenany, hitarika ny «commission plénière». Aorian’izany kosa, hivadika fivoriambe avy hatrany ka amin’izay no handraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna voalaza teo.

Niato tamin’ny 1 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin’ny 2 ora sy 30 minitra, tolak’andro, ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, avy hatrany dia niangavy ny Mpitantsoatra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa ANGELE Solange, Mpampakateny Jeneraly.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoatra tamin’ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, izay fivoriambe handiniana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 «*autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement du Projet de Développement de la zone de transformation agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement agissant à titre d’administrateurs de la Facilité d’Appui à la transition BAD/FAT*».

Taorian’izay, niangavy ny Mpampakateny, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra mikasika izany; ka Andriamatoa TSARADIA Marco no nanatanteraka azy ary toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alakamisy faha-17 Desambra 2020 tamin’ny 2 ora, tolak’andro, ny Vaomiera Itambarambe nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 tamin’ny faha-18 Novambra 2020 «*autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement du projet de développement de la zone de transformation à groin dus truelle dans la région du sud-ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15/10/2020 entre la république de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fond Africain de Développement agissant à titre d’administrateur de la facilité d’appui à la transition BAD/FAT*».

Andriamatoa ANDRIAMISASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan’ny Vaomieran’ny Fitantanambola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy nirahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny fanjakana dia manana olana telo goavana: voalohany tsy ampy ny vokatra, faharoa lafo ny vokatra ary fahatelo efa antitra ny fotodrafitrasa misy eto amintsika.

Izany no antony angatahana ny fankatoavana ity Volavolan-dalàna ity mba hamahana ny olana amin'ny ankapobeny.

Ity fampindramam-bola ity dia mitentina 20 000 000 UC na 28 000 000 Dolara Amerikana na 109 658 640 000 MGA izay averina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany dia tsy andoavana renivola.

Ahitana «commission d'engagement» amin'ny taha 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasaina ary ny "commission de service" kosa 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasaina fa tsy mbola voaverina.

Ny tetikasa PTASO ity dia mikasika ny fananganana orinasa misahana ny fanodinana ny vokatra hita any amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana araka ny velirano faha-7 ao amin'ny tetikasam-panjakana.

Tanjona amin'izany ny famoronana asa sy hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Araka ny efa voalazan'ny Minisitry ny Industria, ny Varotra ary ny Asa tàmàna dia orinasa iray ho an'ny Distrika iray.

Ny tetikasa PTASO (Projet de Développement de la zone de Transformation Agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar) dia fanohizana ny fifanarahana ara-bola hamatsiana ny tetikasa fampandrosoana, famokarana sy famadihana ara-tsakafo any amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana

Rehefa izany, niroso tamin'ny fametrahan-panontaniana ny mpivory:

Fanontaniana:

1. Ahoana ny momba ny Faritra hafa manoloana io tetikasa io?
2. Inona no antoka omenareo fa ny fampiroboroboana no hatao fa tsy ny fandraharahana?

Valiny:

1. Any amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana no misy tetikasa fanodinana voalohany ka izay faritra mamokatra akora fototra rehetra dia mahazo tombotsoa avokoa .
2. Ny tanjon'ny Minisiteran'ny Industria, ny Varotra ary ny Asa tàmàna dia ny fivelaran'ny famokarana rehetra aloha izay vao manondrana any ivelany

Fanamarihana:

- Tsy ampy ny fanazavana momba ny tetikasa ao amin'ny Tovana 1, pejy faha-18;

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nankatoavin'ny Vaomiera Itambarambe ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 tamin'ny faha-18 Novambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet de développement de la zone de transformation à groin dus truelle dans la région du sud-ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15/10/2020 entre la république de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fond Africain de Développement agissant à titre d'administrateur de la facilité d'appui à la transition BAD/FAT» ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 2 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanontany raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana mikasika ny tatitra ny mpivory, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamelabelatra ny votoatin'ny Volavolan-dalàna.

Fialan-tsiny tamin'ny tsy fahafahan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono, ny Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa-tànana, nanatrika ny fivoriana noho ny andraikitra maro mbola sahanin'izy ireo no nanombohan'Andriamatoa RAMANANARIVO Heriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa-tànana ny fandraisam-pitenenany.

Nambarany fa tetikasa faha-7 ao amin'ny Velirano nataon'ny Filohampirenena ny fampiroboroboana ny indostria eto Madagasikara mba ahafahantsika mamokatra izay ilaina eto an-toerana. Rehefa vita izany, hihena ny zavatra hafarana any ivelany ary hanome lanja ny fanodinana ny vokatra eto an-toerana isika mba hahatonga antsika tsy ho mpanondrana akora fototra fotsiny.

Orinasa maro no heverina fa hapetraka any amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana noho ity tetikasa ity ary hiteraka asa maro ho an'ny mponina mipetraka any an-toerana izany.

Manomboka amin'ny taona 2021 ny tetikasa, ka 5 taona no faharetany ary mitentina 20 000 000 UC na 28 000 000 Dolara Amerikana no vola indramina.

Ny zavatra tena noresahina tao anatin'ny tetikasa dia ny fametrahana ireo rafitra sy "zone industrielle" any amin'ny Faritra Atsimo-Andrefana, ka hisy ny fametrahana fotodrafitrasa fototra sy fanatsarana ireo efa nisy teo aloha.

Hapetraka ihany koa ny rafitra sy fomba fiasa vaovao mba hanatsarana ny lalam-pihariana amin'ny fambolena sy ny fanodinam-bokatra.

Izay no mikasika ity tetikasa vatsian'ny BAD vola ity, ka nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba hankatoa ny Volavolan-dalàna momba izany famatsiam-bola izany.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa RAMANANARIVO Heriniaina, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanazavana natolony teo ary nanontany raha mbola hisy hanome fanampim-panazavana ny solotenan'ny Governemanta.

Nilaza Ramatoa RANDRIANJANAKA Volatantely, solotenan'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, fa feno ny tatitra novakiana teo ary tsy manan-kambara intsony izy ireo.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka niangavy ny Solombavambahoaka izay handray fitenenana mba hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Nilaza Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana raha nandray fitenenana, fa tokony holaniana ity Volavolan-dalàna ity satria efa fantatra mazava avokoa ny soa hoentiny. Nambarany koa fa ny olana eto amintsika dia tsy fantatra mazava ny "production" ka lasa sarotra ny hanaovana ny "équilibre" satria miankina amin'ny tinady ny famokarana (production) tokony hatao. Noho izany, tokony hanome "base statistique" ny Minisitera mba ahafantarana hoe firy taonina no vokatra (production) tokony henjehintsika.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba ahafahany mamaly ny fanontaniana napetraka teo.

Nilaza Andriamatoa RAMANANARIVO Heriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Indostria sy ny Varotra ary ny Asa-tànana, fa efa voadinika avokoa ny zavatra voalazan'ny Solombavambahoaka teo. Tsy maintsy jerena ny vokatra misy sy ny azo vokarina amin'ny toerana iray, koa hita eo raha "rentable" izany rehefa amidy.

Nambarany koa fa miaina amin'ny rafitra "capitaliste" isika, tsy ny fanjakana intsony no hanangana orinasa mivantana fa manampy amin'ny fananganana ihany izy. Izany hoe, tsy ny fanjakana irery no manao ny tetikasa, fa ao koa ireo mpamboly sy mpivarotra ny vokatra, ka rehefa tapitra ny 5 taona nifanarahana dia ireo mpamboly sy mpivarotra ihany no manohy ny tetikasa, fa tsy miaraka amin'ny fanjakana intsony.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha, tamin'ny valim-panontaniana nomeny; nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet de Développement de la zone de transformation agro-industrielle dans la région du Sud-Ouest de Madagascar (PTASO), conclu le 15 octobre 2020 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement «agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la transition BAD/FAT».

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola misy tiany hambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna no nasetrin'ny solotenan'ny Governemanta izany sady notsindriany, fa fanatanterahana ny Velirano nataon'ny Filohampirenena koa ny zava-boarakitra ato amin'ity Volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hanaovan'ny Mediatioran'ny Repoblika Tatitra momba ny asa vitany, taona 2019 ary nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana izany, ny tenany.

Niato tamin'ny 3 ora sy 5 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona